
# TORITENY - ALAHADY faha-22 TSOTRA - TAONA D 2025




***Izay manandra-tena no haetry,***
***ary izay manetry tena no hasandratra.***

Ry kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo Alahady faha-21 dia natintraterin'i Kristy amintsika fa tsy maintsy miditra amin'ny varavarana ety, tery isika raha te-hiditra ho anisan'ny fianakaviamben'Andriamanitra, ho olo araiky ao amin'Andriamanitra. Araka ny antintranterintsika fa ny safidy no ambaran'i Jesoa amin'izany varavarana ety tsy maintsy hidirantsika izany. Mila toetra manokana izany hahatonga antsika ho Olo Araiky ao amin'ny Trinité masina. Izany koa ry Kristianina havana amin'izao Alahady faha-22 mandavantaona izao ny votoatin'ireo tenin'Andriamanitra izay halalinintsika fa indrindra moa anatin'ny mandavantaona fandalinam-pinoana isika izao ary indrindra miatrika izao Sinaody faha-7 fijanonana faha-3 izao izay efa akaiky dia akaiky ny fanatanterahana azy. Mandritra izay koa no anaovantsika ny jobily iombonana eto amin'ny diosezy sady ankalazaintsika ny faha-70 taonan'ny diosezy mampiditra antsika amin'ny fiomanana amin'ny jobily faha-75 taonan'ny arsidiosezy. Ny faniriantsika dia ny ho EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA, MIARA-DIA, MANDRAY AN-TANANA KA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA MIFANASOA MIFAMPITSIMBINA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA. Amin'izao fijanonana faha-3 na session faha-3 izao dia ny Fianakaviana Eglizy kely EOV tsirairay

| |
|---|
| Vakiteny I : Ekl. 3, 17-19. 26-27 |
| Salamo : Sal. 39 |
| Vakiteny II : Heb. 12, 18-19. 22-24a |
| Evanjely : Lk. 14,1. 7-14 |

vontom-pinoana miaro ny tontolo iainana no mirotsaka mametraka rafi-pivelomana handresena ny rafi-pahafatesana ka afaka mifampitsimbina, mifanasoa, mikatsaka ny soa iombonana. Ny loharano sady fototra dia ny FIHAVANANA izany hoe fihavanana sady kristianina no malagasy. Tsy tanteraka izany raha tsy nivelona ny fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro isika. Tsy miafina fa tsy mora satria tsy mifanaraka amin'ny fahendren'izao tontolo izao io toetra takina io. Io anefa no ambaran'ny Tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady faha-22 mandavan-taona izao dia ny FANETREN-TENA SY NY FAHATSORANA ANATIN'NY FAHAMARINANA. Io ny varavarana ety, tery tsy maintsy idirantsika.

Ny vakiteny voalohany ao amin'ny bokin'ny Siraka milaza toy izao : "Ataovy amin-kalemem-panahy ny asanao, dia ho tian'ny olona sy ankasitrahin'Andriamanitra ianao. Araka ny fisondrotanao, no aoka hietrenao tena, dia hahita sitraka amin'Andriamanitra ianao". Raha ny zava-misy eo amin'izao tontolo izao tokoa dia hafa, mifanohitra amin'izany. Ady tsy ifankahitana, fanilikilihana ary hitantsika ny vokany. Mifanapotika isika. Io ilay "rafi-pahotana" matetika averintsika. Mila mibebaka isika raha tiantsika hiova io rafi-pahotana io ka ho zary rafi-pivelomana. Izany no irintsika vokatr'izao Sinaody izao fa indrindra ity fijanonana faha-3 ity manaraka ireo fijanonana voalohany sy faharoa ka mampiditra antsika tanteraka amin'ny fijanonana faha-4 rehefa mipetraka tsara ny rafi-pivelomana dia miroso amin'ny fandraisana an-tanana manontolo isika ka zary EOV mamelona ny Fianakaviam-ben'Andriamanitra amin'ny lafiny rehetra na ara-panahy na ara-tsaina na ara-nofo.

Raha ny fisainan'izao tontolo izao dia tsy tanteraka io "nofinofintsika" io.

Ry Kristianina havana arakaraky ny andraikitrao eo anivon'ny Eglizy sy eo amin'ny fiaraha-monina no mitaky izany fanetren-tena sy fahatsorana anatin'ny fahamarinana izany satria tsy fitadiavana voninahitra ny andraikitra sy ny adidy fa fanompoana sy fahafoizana, hoy ny fampianarana ao amin'ny Ansiklika Fratelli Tutti nosoratan'i Papa François. Tsy misy lalana hafa ahafahantsika manorina io rafi-pivelomana io na tontolo mikolokolo ny fiainana. Io ilay lalana ety, tery voalazan'I Jesoa idirantsika amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Izany no nataon'i Jesoa raha alohan'ny hiala teto an-tany izy mba ho fantatr'ireo mpianany tsara fa izay no tena lalan'ny fiainana hahazoana ny fiombonana aminy. Izy izay Andriamanitra nefa nanao tsinontsinona ny maha-Andriamanitra azy ka nanaiky nanetry tena nanompo tamin'ny fanasana ny tongotr'ireo mpianany ka hoy izy : "Izay hitanareo nataoko taminareo no aoka hataonareo samy ianareo koa".

Io no tena fitiavana, io no tena fiombonana marina, tsy amin'ny alalan'ny fireharehana, na avonavona na fialonana na isika mipoerapoera na fitadiavana voninahitra no hahafahantsika miombona aminy sy manorina Fianakaviamben'Andriamanitra Fratelli Tutti. Raha tena generation Mpanorina isika raha te hanohy ny maha-Olo Araiky isika Jiaby dia io fanetren-tena io no ahafahantsika mifampihaino, hanana ny toe-panahy Eglizy miara-dia.

Ny fahendren'izao tontolo izao no mampianatra antsika ny fireharehana, ny fitadiavana voninahitra fa ho an'ny zanak'Andriamanitra, ny mpanara-dia an'i Kristy dia ny fanetren-tena no lalana tian'i Kristy ambara amintsika**.** Izay no fampianarana fototra ao amin'ny

Evanjely anio ary dia naka ohatra i Jesoa amin'ny fampakaram-bady : hitantsika amin'ny fiainana andavanandro na ny fahendren'izao tontolo izao dia matetika mitady ny toerana voalohany sy ambony dia ambony isika ary hitantsika ny vokatr'izany amin'izao fiarahamonina misy antsika izao, hoy isika, mifanapotika, mifanaratsy, mifampialona, mifandripaka. Tena loza ny vokany dia ny herisetra misy eo amin'ny fiainantsika.

Ny loharanon'izany moa dia ny vola, marina fa hozatry ny fiainana ny vola fa tsy izy no loharanon'ny fiainana, raha izy no atao loharano fikatsahana voninahitra dia fantatsika ny vokany satria zary Andriamanitra tompoina ka mahatonga antsika mifanilikilika. Rehefa manilikilika dia mampiasa herisetra.

Ry Kristianina havana, raha tiantsika ny hahita ny fiadanana, ny tena fihavanana marina, ilay soatoavina averimberintsika ary tena mangetaheta izany isika dia aoka tsy ho faniriana ankandrina fotsiny fa mila ezaka avy amintsika. Io no ataontsika amin'izao Sinaody izao. Io indrindra no atoron'i Jesoa amintsika amin'izao Alahady faha-22 mandavantaona izao raha mametraka ho loharano sy fototra iadiana amin'io toetra manapotika io ny FANETREN-TENA SY FAHATSORANA ANATIN'NY FAHAMARINANA. Ny fanetren-tena no hahafahantsika miombona aminy sy hidirantsika amin'ny fanjakan'Andriamanitra fa izay manandra-tena dia haetry, izay manetry tena no hasandratra izay mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra, ho tena mpiombona anjara amin'i Kristy isika, izay misy an'i Kristy tokoa no misy antsika amin'izay. Io no lalana hahatonga antsika ho Kristy Mpiara-belona amin'ny olona. Hanampy antsika ho Olon-dehibe amin'ny finoana ka hahatonga antsika ho vavolombelona tokoa.

Izany koa no ambaran'ny vakiteny faharoa izay mananatra antsika fa tsy firehan-kevitra na sary mahatonga antsika hanompo sampy no hatonintsika amin'ny alalan'ny fanetren-tena izany fa i Kristy izay velona eto anivontsika no ato amintsika sy iainantsika ary amin'ny alalany sy miaraka aminy no ahazoantsika ny tena fiadanana.

Ry Kristianina havana, aoka ny fanetren-tena sy halemem-panahy anatin'ny fahamarinana no hianarantsika ao amin'i Kristy, izany hoe manatanteraka azy eo amin'ny fiainantsika. Amin'izao Alahady izao, asondroty eo amin'i Kristy koa ny fo amam-panahintsika mba samy hiezaka hanana an'izany halemem-panahy sy fanetren-tena izany isika. Sady hibanjina ny Fo Masin'I Jesoa isika ao no ~~a~~ hangataka aminy ny fahasoavany fa indrindra hianatra aminy ny fanetren-tena sy fahalemem-panahy.

Hivavaka manokana ho an'ireo mpitondra sy ny manam-pahefana isika fa ny fitondrana sy ny fahefana dia ho entina hanompo satria tsy afaka hanompo na oviana na oviana raha tsy ao anatin'ny fanetren-tena sy fahalemem-panahy.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, ampianaro tokoa izahay mba hanana an'izany fanetren-tena izany mba tsy hikatsaka ny soa ho an'ny tena fotsiny noho ny fitiavan-tena fa hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana. Ampio izahay tsy hitady izay toerana ambony fa ny toerana hanompoana no aoka hokatsahinay. Enga anie izahay ho vonona hifanompo eo amin'ny fiainanay andavanandro ka hikatsaka izahay mahasoa ary dia ho vonona araky ny fampianaran'ny Papa François hiara-hihosona amin'ireo madinika sy mahantra. Tsy hifidy olona hosoavina sy hampiana fa ireo izay olona mila fanampiana no tsy maintsy hantoninay indrindra. Ampio izahay hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro

amin'ny alalan'ny fanetren-tena sy halemem-panahy ka ho tena mpianatrao tokoa izahay ry Jesoa ka amin'izay ho anisan'ny fianakaviam-ben'Andriamanitra izahay, ho olo araiky ao aminao. Masina Maria Renin'ny Eglizy tantano ny fiarahan-dianay amin'izao Sinaody izao ka hiroso hanorina Eglizy—tranoben'Andriamanitra izahay amin'ny alalan'ny vavaka sy fandalinam-pinoana, hiaro ny tontolo iainana, hikatsaka ny soa iombonana, hifampitsimbina, hifanasoa ka ho feno fahatsorana sy fanetren-tena ao anatin'ny fahamarianana ary hahay hifampihaino. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy eran-tany tohano ny ezaka rehetra ataonay. Matoky ny vavakao izahay fa indrindra amin'izao izahay manatanteraka ny Sinaody fijanonana faha-3 izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson